# Ny fahafahana arahi-maso

ho an'ny ankizy eto Madagasikara

## Tari-dalana fampiharana



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana MINISTERAN'NY FITSARANA
AFD AGENCE FRANÇAISE DE DÉVELOPPEMENT
GRANDIR DIGNEMENT ASSOCIATION LOI DE 1901 NON-PROFIT ORGANIZATION
unicef pour chaque enfant

**Naoty**

## INONA NO ILANA ITY TARI-DALANA ITY?

Noforonina ity tari-dalana ity ho amin’ny tetikasa fanitarana ny fepetra azo asolo ny famonjana eto Madagascar. Izy ity dia mirakitra ny fombafomba fanatanterahana ny fahafahana arahi-maso eto Antananarivo, izay hatao ho fitaovana enti-miasa ho an’ireo vondron’ny mpanabe eo amin’ny fametrahana ity farany manerana ny nosy.

## BOKY HAFA NIVOAKA AZO JERENA

- Ny fahafahana arahi-maso,ho an’ny zaza manana olana eo amin’ny resaka lalàna eto Antananarivo, RAPPORT DE CAPITALISATION,2019 (60 pages).

- Ny fahafahana arahi-maso, ho an’ny zaza manana olana eo amin’ny resaka lalàna eto Antananarivo, BILAN ET PERSPECTIVES APRES 4 ANNEES D’APPLICATION, 2019 (8 pages).

## VAOVAO

Association Grandir Dignement, Lot IVA 4, Ampandrana, Antaninandro, 101 Antananarivo
mada@grandirdignement.org
www.grandirdignement.org

# Inona no atao hoe fahafahana arahi-maso ?

Ny fahafahana arahi-maso dia fepetra iray azo asolo ny fitanana am-ponja ny ankizy manao heloka. Ny zaza manana olana eo amin'ny resaka lalàna arahi-maso dia mijanona eny anivon'ny fianakaviany; fa kosa misy andraikitra maromaro tsy maintsy tanterahany, izay faritan'ny Mpitsara.
Amin'izany, ny zaza manana olana amin'ny resaka lalàna dia arahin'ny mpiasa sosialy izay voatokan'ny fitsarana hanao izany.

# Iza no voakasik'izany ?

Ny zaza lahy na vavy 13 hatramin'ny 18 ans :

- Ampangaina ho nanao heloka tsotra na bevava;
- Efa voatsara na tsia;
- Mbola tsy nisitraka ny fahafahana arahi-maso teo aloha;
- Manana mpiantoka ara-dalana ary vonona ny handray andraikitra miaraka amin'ilay zaza
- Manana finiavana; mampiseho fitondran-tena mendrika
- Afaka manaporofo ny fonenana

## LALANA MIFEHY

*Ny fampiharana ny fahafahana arahi-maso eto Madagasikara dia voarakitra ao amin'ny lalàna laharana faha 2016-018 momba ny fepetra sy paika arahina ,ampiharina amin'ny ankizy nanao heloka. Izany dia hita ao amin'ny andininy faha 69 – 80 an'io lalàna io ihany*

# Paika arahina eto Antananarivo

Fisehoana voalohany eo anatrehan'ny **Mpitsara manokan'ny ankizy.**

↓

Resadresaka miaraka amin'ny tompon'andraikitra mpandrindran'ny fahafahana arahi-maso, zay manome **fehin-kevitra** toy ny hoe: ekena sy azo tanterahana na tsy azo tanterahina ; ary manome soson-kevitra ny taratasy fifanarahana amin'ny mpitsara[1] momba ny zaza tsy ammpy taona..

**Miverina manoloana ny mpitsara** ary miaraka manao sonia ilay fifanarahana ny Mpiantoka[2] sy ilay zaza ary ny mpanara-maso azy na ny tompon'andraikitra amin'izany sy ny mpitsara. Mamoaka ny didy hitsivolana, fa mihatra manomboka eo ny fahafahana arahi-maso ny mpitsara ary manondro mpiasa sosialy.

**Fihaonana** indray amin'ny tompon'andraikitry ny fahafahana arahi-maso, ny zaza sy ny mpiantoka azy mba hanao sonia ilay fifanarahana.

Ny zaza mandritra ny fotoana anarahi-maso azy dia **arahin'ny mpiasa sosialy**, izay manao tatitra matetika amin'ny Mpitsara, ny amin'ny fivoaran'ilay zaza (fanarahany ny andraikiny voarakitra tao anaty fifanarahana…). Ny fanasoniavana ny fifanarahan'andraikitra.

Rehefa mifarana ny fahafahana arahi-maso dia, manao **tatitra** ny mpiasa sosialy, izay mety ho alohan'ny fitsarana ilay zaza na koa ho fiafaran'ny fahafahana arahi-maso fotsiny.

Ny mpitsara dia mamoaka didy ho **fiafaran**'izany na ny mbola hitohizana indray mandritra ny fotoana voafaritra.

Faharetany: **6 volana**
**havaozina** 2 x 3 volana

(1) Any amin'ny fitsarana mahakasika ny zaza tsy ampy taona, na any amin'ny fitsarana mahakasika ny heloka be vava, misahana ny zaza tsy ampy taona na any amin'ny Chambre de Détention Préventive (raha ohatra ka ahiana ho meloka ilay zaza).
(2) Mpiantoka araka ny lalàna : fianakavina, mpiantoka...

# NY ANDRAIKITRY NY MPANDRINDRA NY FAHAFAHANA ARAHI-MASO ?

**Maminavina ny mety ihetezan'ny Fahafahan arahi-maso :**
Rehefa mieritreritra ny hamoaka didy momban'ny fahafahana arahi-maso ny mpitsara, dia miantso ny tompon'andraikitra mba hanome ny heviny momba izany. Rehefa izay dia mandray ny mpiantoka sy ilay zaza avy hatrany izy ary manatanteraka resadresaka.
Ny tompon'andraikitra dia manankina ny fanadihadiany amin'ny fanaon'ilay zaza amin'ny andavan'androny (ny zavatra ataony, ny toerana misy azy, ny namany…), ny zavatra nataony, ary indrindra ny fahavononany. Rehefa izany dia manome soson-kevitra mahakasika ny taratasy fifanarahana any amin'ny Mpitsara izy.

**Fanaovan-tsonia ny fifanarahana :**
Ny zavatra rehetra tsy maintsy tanterahan'ilay zaza dia raketina ao anatin'io fifanarahana io avokoa ;izay tokony hataon'ny zaza manana olana eo amin'ny resaka lalàna, ny mpiantoka azy sy ny mpitsara ary ny mpiasa sosialy manara-maso azy sonia, raha toa ka tsy eo ny tompon'andraikitry ny fahafahana arahi-maso.

**Fanampiana eo amin'ny fanaraha-maso ataon'ny mpanabe :**
Ny tompon'andraikitra amin'ny fanomezana ny fahafahana arahi-maso dia mifandray tsy tapaka amin'ireo mpiasa sosialy mpanara-maso. Izy dia natao hanampy ireto farany amin'ny mety olana sedrain'ny mpanabe, amin'ny alalan'ny fivondronan'ny mpanabe.

**Fifandraisana amin'ireo eto anivon'ny fitsarana :**
Ny tompon'andraikitry ny fahafahana arahi-maso no mpanelanelana ny mpitsara ny zaza tsy ampy taona sy ny eto anivon'ny fitsarana rehetra amin'ny ireo mpiasa sosialy.

## OHATRA ATY ANTANANARIVO

Ny mpiasa sosialy sy **ny tompon'andraikitra mpandrindra ny fahafahana arahi-maso eto amin'ny fitsarana Anosy** dia mivondrona ao anatin'ny vondron'ny mpanabe, ary manatanteraka fivoriana isaky ny zoma hariva hanaovana takalo amin'ny **olana mety hita** nandritry fidinana teny anivon'ny fianakaviana sy hitondrana **rahaolona**.

Ny birao eto anivon'ny fitsarana Anosy , dia nahorina anilan'ny biraon'ny Mpitsara ny zaza tsy ampy taona. Izany no natao mba hahamora ny hisian'ny fifanakalozana ara-potoana. Dia ny varavarana 118 bis izany.

## TANDREMO

Ny fahafahana arahi-maso **dia tsy voatery mety ho an'ny zaza rehetra** nanao heloka. Ny tompon'andraikitra mpandrindra izany dia tsy maintsy mijery tsara mba **tsy hifanohitra amin'ny zo fototry ny zaza** ny famomezana azy io fahafahana arahi-maso io. Ohatra : **ny zaza latsaky ny 13 ans dia tsy afaka hamoahana didy momban'ny fahafahana arahi-maso.**

Ny tompon'andraikitra eo ampamoahana hevitra mahakasika ny **maha-mety ny fahafahana arahi-maso** dia tokony handinika tsara ihany koa ny amin'ny **mety ahatanterahan'ilay zaza ny andraikitra izay tsy maintsy tanterahany**, fa tsy ny hoe **ahafahany miala amin'ny zavatra nataony sy ny fitsarana fotsiny.**

# Ohatra antotan-taratasy

## AVIS EDUCATIF AVANT AUDIENCE SUR LA MISE EN PLACE D'UNE LIBERTE SURVEILLEE POUR UN MINEUR

Dossier n° :
Mineur :
Nom : Prénoms :
Date de naissance :
Adresse :
Coordonnées du représentant légal :
Fait judiciaire pour lequel le mineur est prévenu :
Observations du travailleur social :
Analyse et pistes d'accompagnement éducatif envisagées :
Avis concernant la LS (favorable ou défavorable) :

Date et signature du travailleur social

## CONTRAT D'ENGAGEMENT

Dossier n° :
Présentation administrative du mineur et de ses représentants légaux :
Nom du mineur : Prénoms :
Date de naissance :
Adresse :
Tel :
Nom du père (ou tuteur) :
Prénoms :
Adresse :
Profession :
Nom de la mère (ou tutrice) :
Tel : Prénoms :
Adresse :
Profession :
Tel :

Motif d'inculpation du mineur :
Durée de la mesure : … mois, du … /... / ... au … /... / …
Mesure ordonnée par :
Travailleur social chargé du suivi éducatif pendant toute la mesure :
Obligations fixées par le magistrat :
Mesure en cas de non respect de ces obligations :
Engagement du mineur et de ses représentants légaux :
Le mineur :
Je soussigné , , m'engage à respecter les termes de ce contrat d'engagement et à m'investir dans la mise en œuvre de ma liberté surveillée, sous peine de quoi...
Le ou les représentants légaux du mineur :
Je soussigné (nom prénoms et qualité) , m'engage à faciliter et à m'investir dans la mise en œuvre de la liberté surveillée prononcée à l'encontre du mineur dont je suis le représentant.

Date et signature du magistrat
Date et signature du travailleur social, des représentants du mineur, et du mineur


# Ohatra antotan-taratasy

## RAPPORT DE SUIVI ÉDUCATIF LIBERTE SURVEILLEE

Dossier n° :
Magistrat ayant ordonné la mesure :
Travailleur social :
Nom du mineur : Prénoms :
Date de naissance :
Durée de la Liberté surveillée : du … / … / … au … / … / …
Obligations fixées par le magistrat :
Situation judiciaire :
Motif d'inculpation du mineur :
Situation judiciaire (prévenu, condamné) :
Déroulement de la mesure :
Ce qui a été mis en place :
Observations :
Investissement et chemin parcourus par le mineur :
Points de vigilances et/ou difficultés repérées :

Date et signature du travailleur social

## ARRETE DE DESIGNATION DES EDUCATEURS LIBERTE SURVEILLEE



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

MINISTERE DE LA JUSTICE

--------------

ARRETE N°26 741/2015

**Portant désignation d' « EDUCATEURS SPECIALISES auprès des Juges des Enfants du Tribunal de Première Instance d'Antananarivo ».**

LE GARDE DES SCEAUX, MINISTRE DE LA JUSTICE

Vu la Constitution,

Vu l'ordonnance n°62-038 du 19 septembre 1962 sur la protection de l'enfance,

Vu le décret n°2015-021 du 14 janvier 2015, portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;

Vu le décret n°2015-030 du 25 janvier 2015, portant nomination des membres du Gouvernement

Vu le Décret n°2015-141 du 17 fevrier 2015 fixant les attributions du Garde des Sceaux, Ministre de la Justice ainsi que l'organisation générale de son ministère ;

ARRETE :

**Article premier.**-Dans le cadre du projet de l'Association « Grandir Dignement » relatif à la prise en charge des enfants en conflit avec la loi pour la mise en œuvre de la mesure de liberté surveillée, en partenariat avec l'Union Européenne et en application des articles 53 et suivants de l'ordonnance n°62-038 du 19 septembre 1962 sur la protection de l'enfance, les éducateurs spécialisés sortant de l'Institut Supérieur de Travail Social ci-après assureront le rôle de délégués bénévoles auprès des juges des enfants du Tribunal de Première Instance d'Antananarivo » :

- En tant qu'éducateur coordinateur :
  - Monsieur , Assistant social et accompagnateur familial;
- En tant qu'éducateurs:
  - Monsieur , éducateur doyen ;
  - Madame , éducateur spécialisé ;
  - Monsieur , éducateur spécialisé ;
  - Monsieur éducateur spécialisé
  - Monsieur , animateur social.

**Art.2.**- Toutes dispositions contraires au présent arrêté sont et demeurent abrogées notamment l'Arrêté n° 22 342/2014 du 18 juin 2014.

**Art.3.**- Le présent arrêté sera enregistré partout où besoin sera.

Fait à Antananarivo, le 20 AUG 2015

LE GARDE DES SCEAUX, MINISTRE DE LA JUSTICE

RAMANANTENASOA Noëline

# INONA AVY IREO ANDRAIKITRY NY MPIASA SOSIALY MPANARA-MASO?

## *Andraikitra eo amin'ny fametrahana ny adidy araky ny lalàna*

**Resadresaka voalohany sy fanaraha-maso ny zavatra tsy maintsy ilain'ilay zaza :**

Mandeha midina ifotony ary manadihady ilay zaza ilay mpanara -maso azy, ary miezaka mamantatra ny tsy maintsy ilainy eo amin'ny lafiny fanabezana: (fianarana, na fiofanana arak'asa, fahasalamana,…) ka manamafy izany na manova izany. Io fidinana ifotony io koa dia ahafahana mahafanatra tsara ny zava-misy sy ilay adiresin'ny mpiantoka araka ny lalàna* fantatry ny fitsarana.

* Mpiantoka araka ny lalàna : fianakavina, mpiantoka...

| Zavatra tsara | Tandremo |
|---|---|
| Ny andraikitra voarakitra ao anatin'ny tatarasy fifanarahana dia afaka hovaina araka ny mahamety ny zaza sy ny fanaraha-maso azy. | Miankina amin'ny heloka ihampangàna ny famolavolana ny andraikitra tsy maintsy tanterahan'ny zaza. |

**Fanampiana ny zaza manana olana eo amin'ny reasaka lalàna amin' ny fitadiavana zavatra atao :**

Raha ny tokony ho izy dia ilay zaza ihany no mitady ny toerana afaka mandray azy toy ny( fianarana na fiofanana arak'asa) ; fa ny mpanabe mpara-maso kosa dia tokony hiaraka aminy ihany.

| Zavatra tsara | Tandremo |
|---|---|
| Ny mpanabe mpanara-maso amin'ny ankapobeny dia natao hiara-hiasa amin'nyFokontany mba hitari-dalana azy any amin'ny adiresin' ilay zaza ary koa eo amin'ny fitadiavana rafitra manome fiofanana eo amin'ny toerana misy azy na ny manodidina. | Tsara raha tsy lavitra ilay zaza ny toerana hanaovany fiofanana arak'asa na ianarany mba tsy hampitombo ny fandaniana. |

## *Andraikitra mandritra ny fanaraha-maso*

**Fandrindrana ny fanaraha-maso :**

Andraikitry ny mpiasa sosialy voafidy ho amin'izany manomboka eo no mara-maso ilay zaza, izay mety ho tsy any amin'ny toerana iray ihany, fa miovaova (tranony, fianarany, na ny toerana anaovany fiofanana, na koa ho any amin'ny toeram-pivavahany…).

Io fihaonana io dia, fotoana iray ahafahana mahafantatra misimisy kokoa eo amin'ny zaza arahi-maso : ny fanajany ilay andraikitra nosiniviany teny anivon'ny fitsarana (anjara asany manditry ny herin'andro, raha toa izay ka manao fiofanana arak'asa….), ny fifandraisany amin'ny hafa (RAD, namana….), ary ny eritreriny mahakasika ny hoaviny.

Mandritra ny fotoana hifaneraseran'ny mpanabe sy ny zaza arahi-maso dia tsara raha mipetraka tsara ny fifampitokisana eo amin'izy ireo.

### Fanao tsara

- Ny mpanabe mpanara-maso koa dia mety iangavian'ny fianakaviana, mahakasika ny fahafahana arahi-maso. Amin'ny ankapobeany ny asa atao amin'ny ankizy iray arahi-maso dia ahazoan'ny fianakavian'io zaza rehetra tombony.

- Ny mpanabe mpanara-maso avy amin'ny Fitsarana dia afaka mangataka amin'io zaza io ny handrafitra ny fandaharam-potoanany ao anatin'ny herinandro ao anatin'ny boky kely iray. Izany dia ahafahana manara-maso ny zavatra ataon'ilay zaza, ary koa manara-maso ny fanajan'ilay zaza ny andraikiny.

### Tandremana

- Tokony ho tandremana ny tsy hisian'ny faha samihafana tafahoatra eo amin'ny zaza arahi-maso sy ny mpiray tampo aminy

- Zava-dehibe ihany koa, mandritra io fanaraha-maso io ny fametrahana ny fahaleovan-tenan' ilay zaza ; satria ny tanjona dia ny hanaraka azy fa tsy hanao ny zavatra tokony ataony eo amin'ny toerany. Ohatra : fanampiana ara-bola eo amin'ny fandoavana ny saram-pianarana, raha toa ka ilainy izany, fa apetraka manontolo ho andraikitry ny RAD izany fiantohana izany.

**Tombana eo amin'ny fanajana ny adidy ara-pitsarana :**

Ny mpanabe mpanara-maso dia manana andraikitra hanara-maso ny fanoloran-tenan'ny zaza arahi-maso.Ohatra : ny famonjena tsy tapaka ny fiofanana izay ataony, tsy tara lava izy ary mahazo vokatra tsara amin'izany.

### Fanao tsara

- Afaka mangataka ny kahie leson'ilay zaza ny mpanabe, na ny fampiharana izay nataon'izy ireo.

- Afaka mifanakalo hevitra amin'ny manodidinan'ilay zaza ny mpanabe, mba hanajany tsara ny adidiny.

- Afaka mifandray mivantana amin'ny lehiben'ny seha-mpampiofanana misy ilay zaza ny mpanabe, mba ahafahana manara-maso ny fanajany ny adidiny

- Andraikitry ny mpanabe ny mampatsiahy ny zaza sy ny fianakaviny raha toa ka tsy manaja ireo adidy andrasana aminy izy ireo. Ary raha toa ka tsy mbola manaja izany ihany ilay zaza dia, manao tatitra any amin'ny mpitsara ny zaza tsy ampy taona ilay mpanabe.

**Fandrafetana ny tatitra isam-bolana na manokana :**

Ny mpanabe dia manome tatitra ny mpitsara, izany dia ahitana taratra ny zavatra ataon'ilay zaza ary koa ny fivoarana ataony manditra ny fotoana anatanterahany izany.

Ny tatitra tsirairay dia mirakitra ny lafin'ny fiofanana , sosialy (fianakaviana, mpiray vodirindrina), aram-panjakana ( fanajana ny adidy).

# NY HERIN'NY FAHAFAHANA ARAHI-MASO

## *Ny tombony ho an'ny zaza manana olana eo amin'ny resaka lalàna*

### Sazy arahim-panabeazana :

Ny fahafahana arahi-maso dia sazy, noho izany dia tsy azo omena manoloana ny zaza latsaky ny 13 taona. Io zaza io dia omena adidy sy fanabeazana araka ny lalàna , izay mampanan-danja ny fahafahana arahi-maso.

### Fitazonana ny fifandraisan'ny fianakaviana sy fanampiana ny ray aman-dreny eo amin'ny lafin'ny fanabeazana :

Ny zaza dia mijanona eo amin'ny mpiantoka azy araka ny lalàna, matetika dia ny fianakaviany ihany izany. Ny fihazonana ny fifandraisana eo amin'ny fianakaviana izany dia voatana hatrany.

Ny mpanabe dia afaka koa,manampy sy manoro ny ray aman-dreny eo amin'ny lafin'ny fanabeazana.

### FANDRAFETANA NY TETIKASA HO AVY :

Manafaka amin'ny famonjana ny fahafahana arahi-maso; ny zaza manana olana eo amin'ny lalàna. Amin'ny fampiraisana ny adidy araka ny lalàna sy ny fanampiana ara-panabeazana ataon'ny mpiasa sosialy azy. Ny fahafahana arahi-maso dia afahana mifehy sy manitsy. Noho izany, io zaza io dia tsara fiomanana amin'ny famerenana azy eo amin'ny fiaraha-monina indray.

### NY FANAJANA NY FAHAMENDREHAN'NY ZAZA MANANA OLANA EO AMIN'NY RESAKA LALANA

Ny fampiharana ny fahafahana arahi-maso dia manome vahana ny Fanjakana ny fametrahana ny fanajana ny Zon'ny ankizy.

### NY FAMPANDRAISANA ANDRAIKITRA ARA-TSOSIALY NY ZAZA MANANA OLANA EO AMIN'NY RESAKA LALANA

Ny fanampiana aram-panabeazana omena an'ny zaza manana olana eo amin'ny resaka lalàna dia ahafahan'ny fianakaviana manontolo sy fiaraha-monina tombony.

## *Ny tombony ho ann'ny fiaraha-monina :*

### FIHENAN'NY TAHAN'NY FAMERENANA HELOKA:

Ny fieritreretan' ny zaza ny tetikasa hoaviny dia mampihena ny mety hamerenany heloka indray.

### VAHAOLANA IRAY AHAFAHANA MANENANA NY ISAN'NY VOAFONJA.

Toy ny fepetra asolo ny didy famonjana rehetra, ny fahafahana arahi-maso dia ahafahana miala amin'ny fitomboan' ny salan'isan'ny voafonja; noho izany, izy dia tsy manavesatra ny isan'ny voafonja.

### NY FEPETRA DIA AHAFAHANA MIAZONA NY ZAZA MANANA OLANA EO AMIN'NY RESAKA LALANA EO ANTANAN'NY FITSARANA

Ny adidy araka ny lalàna izay mivesatra amin'ny zaza manana olana eo amin'ny resaka lalàna dia ahafahana miazona azy ho eo antanan'ny fitsarana.

Ny mpiasa sosialy dia tokony hanaraka foana ilay zaza rehefa mandeha eny anivon'ny fitsarana, na mandritra ny fotoam-pitsarana azy. Noho izany io zaza io dia ahazo toky ary kely ny taha mety tsy ahatongavany amin'ny fotoam-pitsarana azy.

GRANDIR DIGNEMENT

ASSOCIATION LOI DE 1901
NON-PROFIT ORGANIZATION

Febroary 2019

www.grandirdignement.org